

Matetika rentsika amin’ny haino vaki-jery ny fanentanana momba ny fampinonon-jaza, izay mahasalama fitombon’ny zaza. Tsy diso velively ireny fa tena ilaina tokoa ny torohevitra nomen’ny mpampivelona sy ny mpitsabo dia manamafy fa tsaratsara kokoa raha toa ka ny nonon-dreny irery ihany no omena zaza mandritra ny faha-enim-bolany.

Ny eo amin’ny maternité Marie Stops manokana dia misy teny filamatra «Mama manabe haizana ny mampinono zaza». Izany hoe : mandritra ny enim-bolana dia ny nonon-dreny irery ihany no omena ny zaza. Ny fikarakarana ny zaza dia mihainga hatrany amin’ny fanarahana ny fahasalaman-dreny amin’izy mitondra vohoka iny mandram-piterahana, araka ny fanazavana nomen’i mpampivelona RANDRIAMIARANTSOA Hasina Fanambinana.

Mandritra ny fizahana ny fihetsehan’ny zaza no ahitana ny toe-pahasalamany, ny fahazakan’ilay zaza eo ampiterahana ary ny fitempon’ny fo. Ny tsy fanarahana ireo pitsopitson’ny fahasalaman’ny Reny sy zaza ambohoka matetika no mahatonga ny fahatesan’ny zaza na ny Reny eo am-piterahana. Olana ihany koa anefa ny tsy fahampian’ny hoenti-manana ka zary sakana tsy hanatonana ny toeram-pitsaboana rehefa hiteraka, fa aleon’izy ireo miteraka any an-trano.



[illegible]



[illegible]